Na ao Ankazomiriotra na ao Betamotamo, "ny fiompiana trondro no hitako mahomby indrindra"

RAKOTOARIVELO Clément Modeste,
Mpamokatra zana-trondro sady mpanatavy trondro

"Faly manoratra izao lahasoratra izao ho anareo APDRA sy ny mpamaky ny tenako dia I RAKOTOARIVELO Clément Modest -FKT Beronono II- Kaomina Ambanivohitra Ankazomiriotra, Distrika Mandoto . Mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy trondro aho ato Ankazomiriotra. Ny Ray aman-dReniko no nanao an'io asa io teo aloha. Rehefa tsy arakin'ny Ray aman-dReniko ny fianarako dia nanohy sy nanampy azy aho.
Nataoko avokoa ny fandalinana tetikasa rehetra (Fiompiana kisoa, akoho,…). Toy izany koa ny fambolena mba hanampiako ny fianarana efa azoko.
Rehefa nisafidy ny tetikasa ny tenako dia tapa-kevitra fa ny fiompiana trondro no hita fa mahomby indrindra. Ny olana nefa rehefa tsy manana toerana iompiana trondro (toerana tsara rano) dia manonofy am-pitoerana fotsiny eo. Manana toerana azo iompiana trondro izahay eto Ankazomiriotra, ary manana fikambanana ara-dalàna.
Manomboka ny volana Septambra izahay dia efa manana zana-trondro ary tsy mifarana raha tsy volana Febroary. Hita amin'izany famarotana zana-trondro izany fa mbola betsaka ny toerana azo iompiana trondro ato amin'ny Faritra Vakinankaratra.
Ny mpanjifa mpanatavy ihany koa moa dia araha-maso mba hisorohana ny olana ara-teknika mitarika faharatsiam-bokatra.
Ny hatsaran'ny vokatra miakatra azon'ny mpanjifa no naha-tapakevitra ny tenako hijery toerana malalaka azo anitarana ny fiompiana trondro.
Koa raha nanatitra zana-trondro tany amin'ny Kaomina Ambanivohitra Anjoma/Ramartina ny tenako dia nikaroka toerana azo iompiana trondro. Maroroka kokoa ny trondro any noho ny aty amin'ny faritra Ankazomiriotra noho izy mafana. Ny sakafo voajanahary koa dia maro rahateo (toy ny votry,…).
Nilatsaka ho mpikambana ao amin'ny mpifindra monina ao Betamotamo, FKT Morafeno, Kaomina Ambanivohitra Anjoma/Ramartina izahay 11 mianadahy ny 18 Jolay 2007. Miisa 500 ny tokantrano mpifindra monina na FITAM (FIkambanan'ny TAntsaha Miavo-tena) ao Betamotamo amin'izao fotoana.
Nanomboka nanentana ny olona izahay sy ny Filohampikambanana amin'ny fiompiana trondro raha variana amin'ny fitrandrahana volamena ny sasantsasany. Ary maro no mahalala fa tany lavitra andriana ny faritra.
Nahita toerana ahafahana manatavy trondro izahay 11 mianadahy. Tany mirefy 2,5 ha no nanatavizana tamin'ity taona 2008-2009 ity. 23.000 zana-trondro no naiditra amin'izany. Mbola maro ireo toerana azo anohizana ny tetikasa fiompiana trondro. Mitady tsena amoahana ny vokatra satria 700 g ny salan-danjan'ny trondro iray.
Koa manentana antsika tantsaha rehetra eto Madagasikara, indrindra ny eto amin'ny Faritra Vakinankaratra ny tenako fa ny fiompiana trondro dia mora ny lahasa, kely ny masonkarena, tsy mbola misy ny aretina ary mbola malalaka ny tsena.
Antsoy ny 033.18.177.15 raha mila torohevitra na hividy zana-trondro ianao. Misaotra tompoko!"

A ANKAZOMIRIOTRA OU A BETAMOTAMO, « LA PISCICULTURE RESTE LA PLUS RENTABLE »

RAKOTOARIVELO Clément Modeste
Grossisseur et alevineur

Mon nom est RAKOTOARIVELO Clément Modeste, j'habite dans le quartier de BERONONO II de la commune rurale d'Ankazomiriotra (district de Betafo).

Je suis à la fois alevineur et grossisseur de poisson. Mes parents étaient pisciculteurs. Lorsqu'ils n'ont plus eu la possibilité de financer mes études, j'ai décidé de les aider dans ce métier. J'ai pratiqué plusieurs types d'élevage (aviculture, élevage de porcs) afin de couvrir mes frais de scolarité, mais j'ai choisi la pisciculture. Selon moi, j'obtiendrais des bénéfices plus importants en pratiquant cette activité.

A Ankazomiriotra, nous formons une association de pisciculteurs, et nous vendons des alevins du mois de septembre jusqu'au mois de février. Dans les différents endroits où nous écoulons notre production, nous constatons qu'il existe encore beaucoup de terrains sur lesquels la pisciculture peut être pratiquée, et qu'il y a donc un énorme potentiel pour le développement de cette activité dans la région Vakinankaratra.

Nous ne sommes pas seulement des vendeurs, nous conseillons nos clients grossisseurs dans leur métier pour leur éviter d'obtenir de mauvais résultats de production. Et c'est en constatant leurs résultats que je me suis décidé à chercher un grand terrain pour pratiquer le grossissement et ainsi augmenter ma production. Alors que je fournissais des alevins à des pisciculteurs de la commune d'Anjomandramartina, j'ai trouvé ce terrain. Du côté Ouest du district il fait plus chaud, et la nourriture naturelle pour les poissons est abondante dans les parcelles. Par rapport à Ankazomiriotra, mes poissons vont grossir d'avantage.
En juillet 2007, avec dix autres personnes, nous nous sommes installés à Betamotamo dans le quartier Morafeno de la Commune rurale d'Anjomandramartina. L'endroit est riche en or, et on compte actuellement 500 familles d'immigrés dans ce quartier. Nous avons créé une association, FITAM (Fikambanan'ny Tantsaha Miavo-tena), dans laquelle nous incitons les gens à faire de la pisciculture.

Pour cette saison 2008-2009, nous avons exploité une parcelle de 2,5 ha, dans laquelle nous avons introduit 23000 alevins. A présent, nous cherchons des débouchés pour nos produits : des carpes de 700g environ.

D'autres terrains sont encore exploitables, alors j'incite tous les paysans de Madagascar et surtout ceux de la région du Vakinankaratra à pratiquer la pisciculture. Cela ne demande pas beaucoup de travail, et l'activité n'a pas besoin de beaucoup de fonds pour fonctionner. Le marché n'est, lui non plus, pas encore saturé.

Contactez-nous au 033.18.177.15 pour conseil et achat d'alevins. Merci beaucoup !

SOMMAIRE…

PARTAGE P.2-3
- Edito
- Une meilleure croissance dans les jeunes stades de riz

COMPRENDRE ET ANTICIPEZ P.4
- Le site vitrine d'Andranomanelatra

PROFESSION PAYSAN P.5-8
- Haute Matsiatra: FRDA
- Le fonctionnement du point de vente de la Coopérative Fifimpava
- Un nouveau stagiaire de l'APDRA
- Atsinanana: FMTA, une nouvelle association de pisciculteurs
- Aménagement Betafo: La période de test finie, l'heure est à l'évaluation

EVENEMENT P.9
- Offre de service: Les paysans lancent un défi

PARTENARIAT P.10-15
- Le réseau des paysans expérimentateurs
- Notre Plat du jour: Poisson farci
- Les femmes prennent les choses en main
- Haute Matsiatra: Les nouveaux producteurs d'alevins poursuivent leur formation
- Formation: Le Campus Paysan

COURRIERS DES LECTEURS P. 16
-« La pisciculture reste rentable »

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana (Directeur de la rédaction): *Sanchez Frédéric*
Tonia (Rédacteur en chef): *Rabarijaona Tsirihasina*
Mpanoratra (Rédacteurs): *Ireo tan tsaha sy ny mpiaramiombon'antoka—Ekipa APDRA Les Pisciculteurs et organismes partenaires—Equioe APDRA*
Sary (Photos): *APDRA antenne MADA*
Kisarisary (Caricature): *Michel Randria*
Fanitsiana (Correction): *APDRA Antenne MADAGASCAR*
Dika teny gasy: *Ratiarivelo Vola*

MPANOHANA
Service de Coopération et d'Action Culturelle
Fondation Anber
Conseil Général de l'Essone

Toerana fanontana: APDRA Antenne MADAGASCAR
Natonta ny : may 2009—150 isa– 150 exemplaires

TOPIMASO...

MIZARA P.2-3
- Sasinteny
- Tsara ny fitombon'ny zana-trondro amin'ny fahatanoran'ny vary

FANTARO KA OMANO MIALOHA P.4
- Ny vala fitaratra ao Andranomanelatra

TONTOLON'NY ASA MAHA-TANTSAHA P.5-8
- Matsiatra Ambony: FRDA
- Ny fampandehanana ny tobim-pamatsiana trondron'I Kaoperativa Fifimpava
- Mpianatra asa vaovao ao amin'ny APDRA
- Atsinanana: FMTA, fikambanana vaovaon'ireo mpiompy trondro
- Famatsian-drano Betafo: Vita ny fe-potoana andrana, manao ahoana ny tombana?

HETSIKA P.9
- Tolo-draharaha: Mametraka fanamby ny tantsaha

FIARAHA- MIASA P.10-15
- Ny tambazotran'ireo tantsaha tia karokaroka
- Sakafontsika anio: Trondro sesika
- Raisin'ireo vehivavy an-tanana ny raharaha
- Matsiatra Ambony: Manohy ny fiofanana ireo mpamokatra zana-trondro vaovao
- Fiofanana: Ny campus Paysan

TARATASIN'NY MPAMAKY P.16
- « Ny fiompiana trondro no hitako mahomby indrindra »

APDRA Antenne MADAGASCAR

Fiompiana trondro Miaraka amin'ny Tantsaha

***A**ssociation*
***P**isciculture et*
***D**éveloppement*
***R**ural en*
***A**frique*

Antenne de l'APDRA-France à MADAGASCAR

SASINTENY

Faly miarahaba antsika mpamaky ny gazety indray izahay. Misasaka ity ny taona 2009 ary samy efa nampiakabary daholo isika eny ambanivohitra eny. Ao koa no tonga dia nandritra ny tanimbary ka tsy nisalasala nilaoka trondro indrindra ho an'ireo niompy azy an-tanimbary, efa fanampim-bola miditra ihany koa izany ho an'ireo namarotra. Enga anie ka hitohy izany satria tsapa fa tsara fiantomboka ny fararano ka ho tojo ny nifampirariana tamin'ny voalohan'ny taona isika dia ny haha-zina hatrany ny taona e!

Amin'ity seho faha-12 ity dia misy ny fandraisana anjaran'ireo mpisehatra trondro vaovao. Mandray anjara ato na ireo vao sambany namokatra trondro toa ny ao Mahaiza– Betafo, na ireo efa azo lazaina fa manan-katao raha ny vinavina asehony (Madagreen), eo koa ny efa lasalasa aratraikefa raha ny fomba fiompiana no jerena (Ankazomiriotra), eny fa na dia ireo mikasa ny hanao lalampiofanana mahavelona ny fiompiana trondro aza (Campus Paysan). Samy maneho etoana ny hetahetany izy ireo.

Ho fanampin'izay, vaovao azo avy ao Matsiatra Ambony koa ny fisokafan'ny birao maharitry ny FRDA izay fanantenana mitohy ho an'ireo tantsaha liam-pandrosoana.

Mivoy ny tambazotran'ny tantsaha tia karokaroka ny APDRA manomboka eto amin'izay fanohanana ara-teknika omeny. Toa ho nofinofy ihany mantsy ny fandrosoana raha tsy miaraka amin'ny fikarohana eny ifotony. Manasa anao àry hahafantatra bebe kokoa izany satria fikarohana arahina vokatra azo tsapain-tanana io!

Ny tonia.

EDITO

Nous arrivons déjà à la moitié de l'année 2009 et beaucoup d'entre vous ont pu réaliser les récoltes de riz. Pour ceux qui pratiquent la rizipisciculture, les poissons récoltés ont pu agrémenter les plats de riz, ou être vendus, constituant ainsi, une source de revenus supplémentaire. Aucune intempérie n'est venue perturber les cultures et les récoltes de riz sont bonnes cette année. Souhaitons qu'il en soit ainsi pour les prochaines campagnes.

Pour cette douzième édition, de nouveaux acteurs de la filière piscicole ont participé à la rédaction des articles : Les deux associations de femmes de la commune de Mahaiza qui débutent dans le domaine de la rizipisciculture, des entrepreneurs tels que Mr Nicolas de Tamatave, des producteurs expérimentés d'Ankazomiriotra, ainsi que les membres du Campus Paysan de Tamatave qui oeuvrent pour la vulgarisation de la pisciculture.

Sur la Région Haute Matsiatra, le projet FRDA vient de débuter, ouvrant de nouvelles portes au développement rural au travers des Organisations Paysannes.

Dans l'objectif d'améliorer ses interventions, l'APDRA travaille à la mise en place d'un réseau de pisciculteurs expérimentateurs. L'objectif de ce réseau ? Rechercher, en collaboration avec les pisciculteurs, des améliorations techniques dans le domaine de la pisciculture, afin de permettre un développement efficace de cette activité dans les différentes zones d'intervention.

La rédaction.

FIARAHA—MIASA

FIOFANANA : NY CAMPUS PAYSAN

Roger Rajaonarivelo
Filohan'ny Campus Paysan

Vokatrin'ny fiaraha-miasa teo amin'ny Faritra Antsinanana, ny Oniversiten'i Toamasina sy ny Faritra Haute Normandie ny Campus Paysan. Hanofana maharitra ny tantsaha hiady amin'ny fahantrana no tanjony. Maneho etoana ny momba izany ny Filohany Atoa Rajaonarivelo Roger.

Paik'ady ankapobeny

Ny campus paysan dia mitari-dàlana ny tantsaha hiala amin'ny famokarana vonjy tavan'andro ho amin'ny famokarana mifanaraka amin'ny TOLOTRA sy ny TINADY : tsy mamokatra afa tsy izay ilain'ny tsena.

Ireto no voakasiky ny tetik'asa

Fepetra efatra no takiany: tantsaha monina ato amin'ny Faritra Atsinanana, ireo tantsaha liampivoarana ary vonona hanaraka ny fampiofanana rehetra, tantsaha manana ny fari-pahaizana taona faha-9, mahatsiaro tena tsy afamihetsika noho ny tsy fahampiana sy ny fahalalana ara-teknika amin'ny famokarana kanefa te-hivoatra hanatsara ny fari-piainany, ka vonona hizara ny fahaizana azony amin'ny hafa rehefa avy eo. Ary ireo tantsaha manana ny fari-pahaizana bakalorea kanefa nisafidy ny asa fambolena sy fiompiana.

Fizotran'ny fampianarana

Ny fampiofanana dia miendrika kilasimandry eny amin'ny toby fiofanana mandritra ny 4 volana arahin'ny fampiharana arak'asa eny amin'ny toerana misy azy izay hisian'ny fanohanana ara-teknika.

PARTENARIAT

FORMATION: LE CAMPUS PAYSAN

Roger Rajoanarivelo
Président du Campus Paysan

Le Campus Paysan est le résultat de collaboration entre la Région Atsinanana, l'Université de Tamatave, la Chambre de Commerce de Tamatave et la Région Haute Normandie. L'objectif du Campus Paysan est de former les paysans de manière durable pour lutter contre la pauvreté. Son président, M. Roger Rajaonarivelo nous explique son fonctionnement.

Stratégie

Par des formations à de nouvelles pratiques agricoles, le Campus Paysan incite les paysans à abandonner l'agriculture dite traditionnelle et à suivre une agriculture s'accordant à l'offre et la demande, en d'autres termes, de produire pour les besoins d'un marché.

Paysans concernés par le projet

Pour participer aux formations délivrées par le Campus Paysan, 4 critères doivent être remplis : résider dans la Région Atsinanana, suivre les dynamiques de développement et assister à toutes les formations, avoir poursuivi sa scolarité jusqu'à la classe de 3ème, et accepter de partager ses expériences.

Déroulement du cursus

La formation s'étale sur quatre mois, durant lesquels les élèves sont logés sur le site du Campus. Ensuite, les paysans-élèves pratiquent les techniques acquises durant la formation, tout en étant régulièrement suivis par le personnel du Campus Paysan.

L'étang piscicole du Campus Paysan– Ivoloina, 2009

Matsiatra ambony: Manohy ny fiofanana ireo mpamokatra zana-trondro vaovao

Morille RASOLONJATOVO

Tamin'ny volana oktobra 2008, tao anatin'ny fanantanterahana ny tetik'asa PSA TAFITA sy ny fangatahan'ny VFTM ary ny FKH Manantenasoa no naorina ny tobimpamatsiana zana-trondro 9 miaraka amin'ny fanohananan'ny APDRA. Teo amin'ny fotoam-pamaranana ny famokarana zanatrondro dia nahatsapa ny tomponandraikitr'ireo saha famokarana ireo fa nisendra olana samihafa nandritra iny fotoam-pamokarana iny ka mila hevitra maro samihafa mba ahafahana misoroka izany amin'ny manaraka.

Fifanakalozana traikefa roa àry no naroso : ny iray fifanakalozan'ny mpampiteraka izay tanterahina miaraka amin'ny fanohanan'ny teknisianina avy ao amin'ny APDRA sy ny VFTM ary tantsaha mpamokatra trondro iray avy any Betafo. Ny faharoa dia fivoriana natao ho an'ireo mpampiteraka vaovao sy ny Sampadraharahan' ny jono ao amin'ny Faritra Matsiatra ambony.

Tao amin'ny mpamokatra zana-trondro sady mpitam-bola ny tetik'asa « Fiompiana trondro » VFTM ao amin'ny Kaominina Androy no nontanterahana ny fifanakalozana fampiterahana ny 18 sy 19 martsa lasa teo. Nahitana ny famokarana zanatrondro sy ny fanatavizana. Samy nizara ny traikefa anany ireo mpandray anjara izay nahafahana namaha ny olana hita teo amin'ny famokarana : toy ny tekinika famindrana ny zanatrondro ho eny antanimbary ary ny tekinika fiompiana trondro an-tanimbary.

Nofaranana tamin'ny fiofanana momba ny fisafidianana ny lahi-trondro sy reni-trondro karpa ireo telo andro nanaovana fifanakalozana ireo. Mba ahafahan'ny mpampiteraka valo nofanina tamin'ny taona 2008 ny fanomanana sahady ny taom-pamokarana manaraka. Notanterahina tany amin'ny mpamokatra zana-trondro iray ny fiofanana teorika izay natao fampiharana mivantana : fanavahana ny lahy sy ny vavy. Nisy ihany koa ny fijerena ireo karazana toetra ivelany : « cuir » na « miroir ».

Mba hamaranana ny asa 2008-2009, nivory ny mpampiteraka ao anatin'ny vovonana VFTM sy ny sampan-draharanan' ny jono sy ny harena anaty rano ao Matsiatra Ambony ny 16 aprily 2009. Tamin'izany no nanoloran'ireto farany sosokevitra betsaka ho an'ireo mpamokatra vaovao. Toa ny fandraisana an-tsoratra ny fandaniana (ny sakafon-trondro, ny fanamasahana) sy ny vokatra azo mba ahafahana manatsara ny vokatra isan-taona. Nampatsiahy ihany koa ny lalàna velona mikasika ny famokarana zana-trondro eto amin'ny Faritra Matsiatra Ambony sy ny tanjon'ny famokarana eto amin'ny Faritra izy. Nangataka tamin'ireo mpamokatra zana-trondro ao amin'ny VFTM izy ny mba hisoratany anarana ho isan'ny mpamokatra zanatrondro ao sampandraharaham-panjakana.

Fiakaran'ny vidin'ny trondro lena eto Fianarantsoa

Teo ampiandohan'ny taona 2009, nahitana fisondrotana be ny vidin'ny trondro lena teto amin'ny tànanan'i Fianarantsoa. Tamin'ny volana aprily lasa teo, teny amin'ny tsenan' Anjoma, dia nahatratra 6000 ar - 7000 ar ny vidin'ny kilaon'ny tilapia lena raha 4000 ar 5000 ar ny kilao tamin'ny aprily 2008.

Roa no anton'izao fisondrotana izao araka ny hevitrin'ny mpivarotra. Ny aretina mihantra amin'ny omby no mahatonga ny mpihinana mividy trondro. Faharoa, nihena ny jono tamin'ity taona ity raha oharina tamin'ny taona lasa. Noho izany raha mitombo ny mpihinana nefa mihena ny habetsahan'ny trondro dia iharan'ny fisondrotana ny vidin'ny trondro lena .

Haute Matsiatra: Les nouveaux alevineurs poursuivent leur formation

Morille RASOLONJATOVO

En octobre 2008, dans le cadre du projet PSA Tafita et à la demande de VFTM et FKH Manantenasoa, 9 sites de production d'alevins en rizière étaient installés avec l'appui de l'APDRA. Une fois la saison de production d'alevins terminée, les responsables des sites constataient avoir besoin d'informations supplémentaires pour résoudre les difficultés rencontrées. Deux échanges ont alors été proposés : un échange entre alevineurs, appuyé par les techniciens de l'APDRA, de VFTM et d'un producteur d'alevin de Betafo, ainsi qu'une réunion entre les nouveaux alevineurs et le Service des Pêches de la Région Haute Matsiatra.

L'échange entre les alevineurs a été réalisé les 18 et 19 mars derniers, chez un producteur d'alevins de VFTM également trésorier du projet « Poisson » du groupement, dans la commune rurale d'Androy. Deux thèmes ont été abordés : la production d'alevins et le grossissement. Chacun des participants a partagé ses expériences, permettant de trouver des solutions aux problèmes rencontrés dans leur production : transfert des larves vers les rizières mais aussi intégration de la production d'alevins à la riziculture.

Ces trois journées d'échange ont été clôturées par une formation à la sélection des géniteurs de carpes, afin de permettre aux huit producteurs d'alevins formés en 2008 de préparer la prochaine saison de reproduction. Réalisée chez un producteur d'alevin, la partie théorique a pu être directement mise en pratique : différenciation mâle/femelle mais également reconnaissance des types « cuirs » et « miroirs ».

Pour clore les activités 2008-2009, une réunion entre les nouveaux alevineurs de VFTM et le Service Régional des Pêches et des Ressources Halieutiques de la Haute Matsiatra a été organisée le 16 avril dernier. Le Responsable du Service des Pêches a ainsi pu prodiguer quelques conseils aux nouveaux producteurs, comme par exemple noter chaque année les différentes dépenses liées aux activités piscicoles (aliments, fertilisants) ainsi que les résultats de production pour chaque parcelle, pour pouvoir, d'années en années améliorer la production. En rappelant la loi régissant la production d'alevins en Haute Matsiatra et les objectifs de production de la Région, il a demandé aux producteurs d'alevins de VFTM de s'enregistrer auprès des Services de l'Etat.

Une augmentation des prix du poisson frais à Fianarantsoa

Depuis le début de l'année 2009, le prix du poisson frais a subit une forte augmentation dans la ville de Fianarantsoa. Au mois d'avril, au marché d'Anjoma, le tilapia frais était proposé à un prix allant de 6000 Ar à 7000 Ar le kg. En avril 2008, les étals de ce marché proposaient le même poisson à un prix de 4000 à 5000 Ar le kg. Selon les vendeurs, cette hausse des prix a deux explications. Tout d'abord, l'existence de maladies chez les bovins inciterait les consommateurs à acheter du poisson. D'autre part, les captures de poissons seraient plus faibles cette année par rapport à l'an passé. Ainsi, si les consommateurs de poissons sont plus nombreux mais que les quantités diminuent, le prix du poisson frais subit une augmentation.

FIKAROHANA AN-TANIMBARY : Tsara ny fitombon'ny zana-trondro mandritra ny fahatanoran'ny vary

Ekipa APDRA

Tamin'ny novambra 2008, nisy fikarohana natao mba hahafahana mampitaha ny fitombon'ny zana-trondro an-tanimbary mandritra ireo fotoana telo fambolem-bary. Nifarana ny fijinjana vary vaky ambiaty, indro ny tatitra savaranon'ando.

Misy fiantraikany roa ny taratry ny masoandro eny an-tanimbary: tsy ho an'ny hafanan'ny rano ihany fa ho an'ny famokarana sakafo voajanahary koa dieny madinika ny trondro ao anaty rano. Tsy hita maso izy ireny matetika toy ny volokotona. Ny fahabetsahany dia miankina amin'ny taratrin'ny masoandro. Betsaka ny taratrin'ny masoandro tonga eny amin'ny rano raha vao tanora ny ketsa, tsy mbola mivelatra tsara ny ravim-bary eo. Arakarakin'ny hivelaran'ny ravim-bary avy eo sisa ny velaran'ny rano azon'ny masoandro.

Andro iray no nampidirana ny zana-trondro karpa tao anaty tanimbary miisa telo tamin'ny fitombon'ny vary samy hafa:

- Tanimbary vao avy noketsaina (15 andro taorian'ny fanetsana) : taratrin'ny masoandro betsaka
- Tanimbary noketsaina 36 andro talohan'ny nampidirana ny zana-trondro : taratrin'ny masoandro tsy dia betsaka
- Tanimbary noketsaina 54 andro talohan'ny nampidirana ny zana-trondro : kely ny taratrin'ny masoandro

EXPERIMENTATION : Une meilleure croissance des alevins dans les jeunes stades de riz

Équipe APDRA

En novembre 2008, des expérimentations avaient été mises en place pour comparer la croissance des alevins selon le stade du riz lors de l'empoissonnement. Les récoltes du riz saison sont terminées, voici les premiers résultats de l'étude.

L'ensoleillement d'une parcelle a une influence sur la température de l'eau mais aussi sur la production de nourriture naturelle dans l'eau. En effet, la base de la nourriture naturelle dans l'eau est constituée de petites plantes microscopiques appelées « phytoplancton » dont le développement dépend des rayons lumineux. Ce phytoplancton constitue l'alimentation de petits insectes, qui serviront ensuite de nourriture aux petits poissons. Lors du repiquage, le riz n'est pas encore développé et les rayons du soleil arrivent à la surface de l'eau. Plus le riz se développera, moins l'eau de la parcelle sera ensoleillée.

Des alevins de carpe commune ont été introduits le même jour dans trois parcelles à trois stades de riz différents :

- Une parcelle où le riz vient d'être repiqué (15 jours après le repiquage) : ensoleillement de l'eau important
- Une parcelle où le riz a été repiqué 36 jours avant l'empoissonnement : ensoleillement de l'eau moins important
- Une parcelle où le riz a été repiqué 54 jours avant l'empoissonnement : ensoleillement de l'eau faible



Ny valin'ny fikarohana dia nanamarina ny vinavina niaingana: rehefa tsy mbola mivelatra loatra ny ravim-bary dia ampy tsara ny tara-masoandro tonga eny ambonin'ny rano ary mahatonga ny fahabetsahan'ny sakafo voajanahary ao anaty rano. Betsaka ny sakafo anaty rano raha vao avy naketsa ny vary raha ampitahaina amin'ny vary efa miha-mitombo. Vokany, tsara ny fitombon'ny trondro. Na dia samy hafa aza ny fahamasahan'ny tanimbariny telo tonta dia hita fa ahazoana tombony ny mampiditra ny zana-trondro ao amin'ny tanimbary vao avy noketsaina fa eo no haingam-pitombo izy.

Fitombon'ny vary sy ny nampidirana ny zana-trondro eny an-tanimbary *Stade du riz lors de l'empoissonnement*	Salan-danjan'ny fitombon'ny zana-trondro *Croissance moyenne des alevins* (g/andro) *(g/j)*
	0,26
	0,20
	0,09

Tabilao mampiseho ny fitombon'ny zana-trondro karpa ao an-tanimbary arakarakin'ny fitombon'ny vary
Résultats de croissance des alevins de carpes selon le stade du riz lors de l'empoissonnement.

Les résultats obtenus vont dans le sens de nos hypothèses : lorsque le riz est moins développé, une quantité de soleil plus importante arrive à la surface de l'eau et favorise le développement de nourriture naturelle. La quantité de nourriture disponible semble alors plus importante lorsque le riz vient d'être repiqué que lorsqu'il est déjà à un stade développé. Les poissons ont alors une meilleure croissance. Les expérimentations ont été menées dans trois parcelles appartenant à trois producteurs différents, elles peuvent donc avoir une fertilité différente. Ces différences peuvent avoir une influence sur la croissance des alevins, mais il semblerait être plus avantageux d'introduire les alevins dans le riz lorsqu'il vient d'être repiqué pour que ceux-ci grossissent plus vite.

Ny vala fitaratra ao Andranomanelatra

Rafoloarizaka

Fikambanana mijoro ara-panjakana ao amin'ny tanànan'i Andakandrano FKT Antanetibe Toavala, Kaomina ambanivohitra Andranomanelatra, Distrika Antsirabe II Faritra Vakinankaratra i Fanantenanasoa. Mpikambana lahy sy vavy 20 isa no mampandeha ny asa izay miompana amin'ny fiompiana sy fambolena isan-karazany fa ny fiompiana trondro no asian'ny mpitam-bola ao amin'ny Fikambanana teny eto.

« Tianay mpikambana ao amin'i Andakadrano Fanantenanasoa ny manararaotra etoana, ny mamerina ny fisaorana an'ireo Tompon'andraikitra isan-tsokajiny sy ny mpiara-miombon'antoka rehetra tamin'ny fanatanterahana ny asa tao Andakandrano nanomboka ny 13 febroary 2009.

Ny fampiroboroboana ny fiompiana trondro sy ny fanjariana ara-tsakafo eny amin'ny tontolo ambanivohitra no tanjon'ny fiaraha-miasa. Nisy ny fanohanana avy amin'ny Faritra, ny distrika ary ny kaomina, ny ONN nitondra ny asa tana –maro, ny APDRA no namatsy ny zana-trondro sady nanamafy ny fampiofanana sy ny fizohiana niaraka tamin'ny SRPRH Antsirabe.

Ny anjara birikin'ny mpikambana kosa dia niantoka ny toeram-piompiana, ny famaliana ny asa –tana-maro, ny sakafon'ny trondro sy ny fanamasahana, ny fikarakarana ary ny fanaraha-maso ny eny an-toerana.

Natao vala fampianarana sy fiofanana ny ivon-toerana niarahana tamin'ireo mpanohana isan-karazany. Samy mampihatra sy mizara ny tekinika amin'ny mpiaramonina aminy kosa ny mpikambana tsirairay rehefa avy niofana.

Tsapa fa fohy ny fotoana fampiharana nefa hita taratra fa nitombo ny vokatra na dia nihena aza ny velaran-tany novolena notakian'ny fanajariana samy hafa.

Izany no natao dia hampisehoana ny manodidina sy ny mpitsidika ny fomba fiompiana manarapenitra, izay midika ho fanatsarana ny fari-piainan'ny tantsaha araka ny famintinana asehon'ny kisary.

Le site Vitrine d'Andranomanelatra

Rafoloarizaka

Fanantenanasoa est une association du village Andakandrano FKT Antanetibe Toavala Commune ambanivohitra Andranomanelatra District d'Antsirabe II. Elle est composée d'une vingtaine de membres, travaillant sur diverses activités agricoles. Le trésorier de l'association nous présente les activités menées dans le domaine de la pisciculture.

« Pour la mise en place du site vitrine, nous avons reçu l'appui de divers organismes : la Région, la commune d'Andranomanelatra, et l'ONN qui assurait la main d'œuvre nécessaire à l'aménagement des parcelles rizipiscicoles. L'APDRA et le SRPRH ont assuré l'approvisionnement du site en alevins et ont apporté une formation technique à tous nos membres. Nous, les membres de l'association, avons assuré le travail nécessaire à la pratique de la rizipisciculture, mais également les fertilisants et les aliments nécessaires à la croissance des poissons.

Les parcelles rizipiscicoles du site vitrine sont des parcelles de démonstrations mais également de formation. Une fois les membres formés, chacun s'est engagé à pratiquer et à diffuser cette technique d'élevage.

La période d'élevage était courte (Février à Avril), et la mise en place d'un étang refuge pour améliorer le confort des poissons dans la parcelle a diminué la surface disponible pour le riz. Pourtant, nous n'avons pas constaté de diminution de la quantité de riz produite. Ainsi, nous avons pu prouver aux villageois que l'élevage des poissons en rizière permettait d'obtenir de bons résultats de production, mais aussi, en pratiquant deux cultures sur une même parcelle, d'améliorer les revenus des paysans. »

Les membres de Fanantenanasoa, profitent également de cet article pour remercier les divers responsables et organismes qui nous ont soutenu, depuis février 2009, dans la réalisation du projet de Site Vitrine à Andakandrano. »

Raisin'ny vehivavy an-tanana ny raharaha

RAZANADRAVONY Mariette
Filohan'ny fikambanana Iombonantsoa
Fkt Miandrarivo CR Mahaiza

Fikambanana vao miana-mamindra ny fikambanana Iombonantsoa sy Liantsoa ao amin'ny Fokontany Miandrarivo Kaomina ambanivohitra Mahaiza Faritra Vakinankaratra. Samy fikambanambehivavy izy roa ireo ary samy miroso amin'ny fampandrosoana ny tontolo misy azy amin'ny alalan'ny fampivadiana ny tetikasa.

Niditra tao amin'ny kaomina ambanivohitra Mahaiza ny sampan'asa SAF FJKM. Ny fanorenana ny rano fisotro madio no sehatr'asa norantoviny tao. Maro ny Fokontany nahazo tombotsoa tamin'izany fa hafa ny fisehony tamin'ireto fikambanana roa ireto.

Tsy mba nionona tamin'ny fahazoana ny rano fisotro madio ry zareo mponina ao amin'ny Fokontany Miandrarivo fa nikarokaroka hatrany nanita-kevitra amin'ny fidirana lalina ao anatin'ny fampandrosoana.

Rehefa hitany fa be ny rano very na ny fatran'ny rano mihoatra ny siniben-drano, vokatry ny fiaraha-miasa amin'ny SAF FJKM dia nitady lalana ny hampiasana izany ny vehivavy maromaro ao anatin'ny Fokontany. Tapaka àry ny hevitra ka nanangana fikambanam-behivavy antsoina hoe: Liantsoa sy Iombonantsoa izay eo andalam-pirosoana amin'ny fananganana ara-panjakana.

Ny fiompiana trondro no tao an-doha voalohany raha nahita ny fananana rano ka roso nitady ny mpandraharaha mifanentana amin'izany. Ny fisian'ny CSA tao amin'ny Distrika Betafo no nanampy ka nahatongavana teo amin'ny fahalalana ny APDRA .

Tafahaona àry ny tia sy ny manina teny amin'ny biraon'ny APDRA tao Antsirabe. Nitohy tamin'ny fidinan'ity farany teny an-toerana izany nijery sy nanadihady ny zava-misy manodidina ny fiompiana trondro ary ny fahafahana miditra anatinatiny kokoa amin'io seha-pihariana io.

Tratra indray ny tanjona iray ho an'ny fikambanana Liantsoa sy Iombonantsoa satria noraisin'ny APDRA an-tanana ny fiaraha-miasa eo amin'ny telo tonta.

Notanterahina ny fiofanana mikasika ny fiompiana trondro an-tanimbary mandritra ny ririnina. Efa nisy rahateo moa ny zana-trondro ka asa avy hatrany no nataon'ny mpikambana ao amin'ny toeram-pamokarana iombonana.

Samy mandray anjara amin'ny fikarakaraka ny mpikambana rehetra satria efa mangetaheta mafy ny fampandrosoana eo amin'ny isambatany, ny fianakaviana ary ny manodidina.

Manantena vokatra sahady izahay na dia vao manomboka amin'ny alalan'ny zava-misy aty antoerana aza.

Les femmes prennent les choses en main

RAZANADRAVONY Mariette
Présidente de l'Association Iombonantsoa
Fkt Miandrarivo CR Mahaiza

Depuis peu, il existe deux associations de femmes, Iombonantsoa et Liantsoa, au niveau du fokontany de Miandrarivo de la Commune rurale de Mahaiza, (Vakinankaratra). Chacune des membres des deux associations cherche à diversifier ses activités agricoles.

La commune de Mahaiza a reçu l'appui de SAF FJKM pour l'installation d'un réseau d'eau potable. Beaucoup de Fokontany ont pu bénéficier de cette installation, mais à Miandrarivo, nous avons cherché d'autres voies de développement.

Nous constations beaucoup de pertes d'eau depuis le trop plein de la citerne mise en place avec l'appui de SAF FJKM. Alors, quelques femmes du Fokontany se sont regroupées afin de réfléchir à des activités qui permettraient d'utiliser cette eau. Ainsi sont nées nos deux associations, Liantsoa et Iombonantsoa.

Notre première idée a été la pisciculture, mais aucune de nous n'avait d'expérience dans ce domaine. Nous avons donc cherché un organisme d'appui. Grâce au CSA du district de Betafo, nous avons fait la connaissance de l'APDRA.

Nous avons rencontré leur équipe dans leurs bureaux d'Antsirabe. Suite à ce premier contact, l'équipe de l'APDRA est venue jusqu'à Mahaiza afin d'établir un diagnostic (visiter les parcelles, se renseigner sur l'accès à l'eau...) pour qu'ils puissent ensuite nous proposer un appui. Nous avons reçu une formation sur l'élevage de la carpe en rizière. Nous avions déjà acheté des alevins, nous avons donc pu appliquer rapidement la formation. Tous les membres participent à ce projet car chacun souhaite développer ses activités. Nous ne débutons qu'avec peu de moyens, mais déjà, nous sommes optimistes, nous espérons une bonne récolte.

La collaboration avec l'ADPRA n'en restera pas là. Elle sera suivie par une évaluation des activités en cours. Puis nous recevrons un appui sur la production d'alevins. L'approvisionnement en alevins nous pose en effet problème, nous devons faire quatre heures de marche pour en acheter au marché de Betafo.

FIARAHA-MIASA

Holy: .(Mihomehy)…Ka ato anatin'ny fahatanorana mihitsy no tena mila ny fivoarana. Dieny izao dia manomboka mampivoatra ny fari-piainana.
Antoinette: ka tsy maintsy hatsaraina anie ny tokatrano e! Itony tezaina itony indrindra izao no hirotorotoana hitadiavana ny mahasoa.

APDRA: Ary nahoana no ianareo roa no niditra ho anisan'ny tantsaha tia karokaroka fa tsy ramose?
Holy: mihomehy be… Ka izy tsinona tsy mahavita dia naleoko niditra.
Antoinette: Izy no mpikambana voalohany tao amin'ny fikambanana nisy ahy. Tsy afaka mivory izy, be ny asa ataony, lasa manapatapaka foana dia tapakevitra aho nandray ny toerany. Izay ve no fandrosoana koa!

APDRA: Manao ahoana ny fitantanana ny fotoana, ny fikarakarana an-dramose, ny zazakely sy ny asa hafa maha-tantsaha raha mbola miampy ny fotoana holaniana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanaovana fikarohana sy ny fivoriana?
Holy: Tsy olana amiko izay, samy vonjeko aby nefa mba hataoko koa ny hahavitako tsara ny zavatra hataoko rehetra. Miara-miasa koa izahay mivady, izy no mandray ny angady dia izaho no mpitarin-kevitra. Ny vokatra iaraha-manana.
Antoinette: Tsy maninona. Alamina tsara daholo ny programa dia mety ny fandaharana. Na tsy mpandray anjara aza anie ny vadiko dia manampy be ahy koa izy amin'ny fanatanterahana e!

APDRA: Fa efa nandray anjara tamin'ny fikarohana tamin'ny taona teo aloha ve ianareo? Dia inona no vokatra azo?
Antoinette: Izahay aloha hatramin'izay dia nandray anjara foana na dia mbola tamin'ny vadiko aza no mpikambana. Hitako fa vokatra tsara ny vary, masaka ny tany ary vaventy ny trondro.
Holy: Nitombo ny trondro, tsy nisy very rehefa nampihatra ny dobo fierena izahay.

APDRA: Raha izany, rahoviana ny fotoana farany handraisanareo anjara amin'izany?
Antoinette: Mijanona sy manohy ny fikarohana foana rehefa mifanaraka aminn'ny zava-misy eo ampelatanana ny loha-hevitra atao. Hum! Tsy misy fetrany fa dia mianatra foana e!
Holy: Tsy misy fe-potoana voafetra. Hidirana hatrany aloha izay eo.

APDRA: Fa inona no tena faniriana mandrisika anareo hanao ny fiompiana trondro?
Antoinette: Izaho izao, tamin'izaho nanao trano dia ny vidin'ny trondro no niantoka ny hazo nanaovako trano. Dia amin'ny manaraka indray mba hikolokoloana ny zavatra efa ananana na hanamborana zavatra lehibe ny vola azo. Mety hoe ny vidin'ny trondro no tena hanorenana trano.
Holy: Hihatsara sy hitombo ny vokatra. Dia eo koa ny fifanampian'ny lahy sy ny vavy mandritran'ny fikarohana rehetra atao.
Mirary fahombiazana ho an'ny tokatrano liampandrosoana toy izao àry izahay APDRA.

PARTENARIAT

continuer, à conditions que les thèmes de recherche correspondent aux moyens dont je dispose.
Holy: Je ne pense pas arrêter non plus.

APDRA: Quelle est votre motivation pour continuer à pratiquer la pisciculture ?
Antoinette: Moi, j'ai construit une maison et la vente des gros poissons nous a permis d'acheter les bois de construction. La prochaine fois, j'espère que les poissons assureront la construction toute entière ainsi que les réparations.
Holy: Parce que notre production s'améliore, de plus, sur cette activité, nous travaillons ensemble avec mon mari.

POISSON FARCI (06 personnes)

SAHONDRANIRINA Gerorges Vergina.-Membre de l'association LIANTSOA, FKT Miandrarivo, Commune de Mahaiza, District de Betafo.
Ingrédients : 6 poissons moyens, ¼ kg de farce, tomates, gros oignons, l'ail, ciboulette, citrons, ¼ l d'huile, sel, poivre et farine.
Cuisson : il y 2 facons. D'abord, mélanger la farce avec de gros oignons râpés, un peu de sel et de poivre. Faire frire à part.

- Écailler le poisson, faire une fente au niveau du ventre, vider le poisson et rincer, Faire des entailles dans la chair pour faire pénétrer le sel et la farine. Remplir de farce le ventre de chaque poisson. Coudre avec du fil. Passer de la farine sur les poisons farcis. Faire frire les poissons.
- Placer les poissons farcis dans une marmite.

Verser une sauce composée de tomates et oignons. Ajouter un peu d'eau. Faire cuire jusqu'à ce qu'il n'y a plus de l'eau.
Servir dans une assiette plate. Agrémenter les poissons de ciboulette, et de rondelles de citron. BON APPETIT !!!

TRONDRO SESEHANA (olona 6)

SAHONDRANIRINA Gerorges Vergina- Filohan'ny Fikambanam-behivavy "LIANTSOA" ao Miandrarivo-Kaomina Ambanivohitra Mahaiza, Distrika Betafo.
Zavatra ilaina: Trondro 6 salatsalany, totokena ¼ kilao, voatabia, tongolo be, tongolo lay, tongolo maitso, voasary makirana, menaka ¼ litatra, sira, dipoavatra ary lafarinina.
Fomba fandrahoana azy: Fomba anankiroa ny fandrahoana azy ka endasina mitokana ny totokena, afangaro amin'ny tongolo be voatetika madinika, asiana dipoivatra kely sy sira kely. Kikisana ny trondro, vakiana manaraka ny kibony, esorina ny tsinainy ary diovina tsara. Tetitetehana ny nofony ivelany hidiran'ny sira sy ny lafarinina. Sesehana totokena ao anaty kibon'ny trondro tsirairay. Zairina amin'ny kofehy tsy hiboraka.

- Asiana lafarinina ny trondro voasesika. Endasina atao mendimendy ny trondro. Atao ambony vilia talesaka ny trondro voahendy. Asiana haingony toa ny tongolo maitso voatetika madinika, voasary makirana nosilahina roa, voatabia voatetika boribory. Aroso mangatsiaka.
- Asiana tetika ny nofo-trondro ivelany , ambadika sy ambadika, mba hidiran'ny sira ao anatiny. Alahatra ao anaty vilany ny trondro. Asiana saosy voatabia sy tongolo, asiana rano kely. Avela ho ritra tsara. Atao eny ambony vilia talesaka, rarahana tongolo maitso sy voasary makirana izay tiana. Aroso amin'izay. Mazotoa homana tompoko!

TONTOLON'NY ASA MAHA-TANTSAHA

MATSIATRA AMBONY: FRDA

Hajamboahangy RL—Ndrianala R
Tompon'andraikitra ara-teknika FRDA Matsiatra Ambony

Ny tetik'asa Filamatra FRDA na « Projet de la mise en place de Fonds Régionaux pour le Développement Agricole Pilotes » dia afaka niasa nanomboka ny volana Mars 2009. Faritra 6 no misy ny FRDA eto Madagasikara amin'izao fiandohany izao saingy ny Faritra Menabe, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony ary Vatovavy Fitovinany no nanomboka voalohany fa ny Faritra Anosy sy Atsimo Andrefana kosa dia mbola miandry.
Tanjona manokan'ny Tetikasa « FRDA pilote » ny hampiakatra ny fahaizan'ny tantsaha mba ho lasa matihanina eo amin'ny lalam-pihariana tiany hilofosana. Fampiofanana sy fanamafisana ny fahaiza-manao mahakasika hatrany amin'ny famokarana ka mandrapahatonga ny vokatra eo ampelatanan'ny mpanjifa no tohanan'ny FRDA ara-bola.
Manana Komitim-paritra manapa-kevitra amin'ny fanoroana làlana sy ny famoaham-bola ny FRDA tsirairay, antsoina amin'ny teny vahiny hoe « Comité Régional d'Orientation et d'Allocation » na CROA. Olona 14 no mandrafitra ny CROA. Ny fito (07) dia solontenan'ny Tantsaha mpamokatra izay mizara toy izao : enina (06) avy amin'ny Vondrompikambanan'ny tantsaha, iray (01) avy amin'ny Tranoben'ny Tantsaha, ny fito (07) ambiny kosa dia ireto avy : iray (01) avy amin'ny Faritra, iray (01) avy amin'ny Ministeran'ny Fambolena, Fiompiana ary ny Jono (MAEP), iray (01) avy amin'ny Ministeran' ny Vola, roa (02) avy amin'ny famatsiambola madinika (IMF : Tiavo, Cecam, …), roa (02) avy amin'ny mpandraharaha ara-toe-karena.
Ho an'i Faritra Matsiatra Ambony sy Vatovavy Fitovinany dia hatsangana aloha ny Komity Mpivoy Faritra « KMF » izay solontena avy amin'ny Vovonam-pikambanana anivon'ny Faritra mandra-pijoro ny CROA. Efa fantatra ireo vovonampikambanana ireo.
Mitondra ny fomba fijeriny eto ny tompon'andraikim-pikambanana iray dia i *RAZAFIMAHATRATRA François Xavier- Soanierana Ankarinarivo Manirisoa.*
Nisy fihaonana natao ny 8 may 2009 mba hampisehoana ny tetikasa FRDA eo anatrehan'ireo mpisehatra ato amin'ny Faritra Matsiatra Ambony. Vondrona tantsaha miisa 26 eo ho eo no namaly ny antso. Nisy ny ady hevitra natao niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra miisa 6 ny CSA. Mivelatra ny asa hosahaniny raha mitaha amin'ny tetik'asa fanjarian-tsakafo PSA Tafita, ary hisy Faritra vaovao ho voakasika.

Ny sehatra iasany

Ireo karazana tolo-draharaha mifandraika amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny vondrona tantsaha eo amin'ny asa famokarana eny ambanivohitra ary ny jono sy ny fiompiana trondro no ampian'ny FRDA toy ny fiofanana ara-tekinika, fanamafisana fahaiza-manao, fifanakalozana hifampitana vaovao, tantsoroka sy toro-hevitra, fanamorana ny fidirana eny amin'ny sehatra famatsiambola madinika, fikarohana…..

Ny lalan'ny fangatahana famatsiana

Miseho amin'ny endriny roa ny fomba fiasa dia:ny famatsiana mivantana ireo vovonam-pikambanana mijoro ara-panjakana dia mivantana amin'ny FRDA, ny famatsiana amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny CSA ho an'ireo vondrona eny ifotony sy ny tantsaha mandeha irery. Ny CSA indray avy eo no mitondra ny hetahetan'ny tantsaha any amin'ny FRDA.

Ny andrasan'ny tantsaha mpahazo tombotsoa

Mifanaraka tsara amin'ny filan'ny tantsaha ny tetikasa FRDA, nefa mila miezaka isika tantsaha amin'ny fanehoankevitra malalaka sy ny soso-kevitra amin'ny fomba atao hahatomombana ny tetikasa.

PROFESSION PAYSAN

HAUTE MATSIATRA: FRDA

Hajamboahangy RL sy Ndrianala R
Responsables techniques FRDA Haute Matsiatra

Le Projet de mise en place de Fonds Régionaux pour le Développement Agricole (FRDA) a débuté au mois de mars 2009. Six régions de Madagascar bénéficieront de cette première phase pilote : tout d'abord les Régions Menabe, Amoron'i Mania, Haute Matsiatra et Vatovavy Fitovinany, puis le projet s'étendra aux régions Anosy et Atsimo Andrefana.
L'objectif du Projet FRDA est d'améliorer les connaissances des paysans sur une filière agricole de leur choix, dans un objectif d'une professionnalisation. Ainsi le FRDA finance le renforcement de capacité des paysans sur la totalité d'une filière : depuis la production jusqu'à la consommation.
Chaque FRDA possède un Comité Régional d'Orientation et d'Allocation (CROA). Celui-ci est composé de 14 personnes: 7 représentants des paysans (6 représentants des associations paysannes et 1 représentant du Tranoben'ny Tantsaha), 1 représentant de la région, 1 représentant du Ministère de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche (MAEP), 1 représentant du Ministère de Finance et du Budget, 2 représentants des petites institutions financières (Tiavo, CECAM,…), 2 représentants des opérateurs économiques.
Avant l'installation des CROA, un comité de pilotage régional (KMF), composé de représentants des OPF sera mis en place à la fin du mois de juin. Ces OPF ont déjà été identifiées.

Ci-après le point de vue d'un Responsable d'une OP : *RAZAFIMAHATRATRA François Xavier- Soanierana Ankarinarivo Manirisoa -Faritra Matsiatra ambony*

Une réunion avait été organisée le 8 mai dernier pour la présentation du projet FRDA aux différents acteurs de la Région Haute Matsiatra. 26 OP régionales avaient été invitées à participer à cette réunion. Nous avons pu discuter avec les responsables des six CSA des différents districts. Grâce à ce projet, et par rapport au projet PSA Tafita, de plus nombreuses zones de la région vont être touchées.
Les activités du FRDA

Les appuis de FRDA

Le FRDA peut appuyer le renforcement de capacité des OP pour tout type d'activités agricoles ainsi que pour les activités de pêche ou de pisciculture. Seuls des services peuvent être financés : des formations techniques, des échanges d'information, des activités de recherche ou encore des appuis à l'obtention de micro crédits.

Le processus d'obtention de financements au travers du FRDA

Il existe deux manières de déposer des demandes de financements. De manière directe, cela concerne des Organisation Paysannes Régionales formelles. Celles-ci déposent alors leurs dossiers de demande de financement pour un projet directement auprès du FRDA. De manière indirecte, cela concerne les groupements de base ou des individus. Ceux-ci déposent leurs projets au CSA, qui les transmet ensuite au FRDA.

Les attentes des paysans bénéficiaires

Le projet FRDA répond aux besoins des paysans, mais ceux-ci doivent aussi s'exprimer et apporter leurs idées afin de contribuer à l'évolution de ce projet.

Kaoperativan'ny mpanjono : NY FAMPANDEHANANA NY TOBIM-PAMATSIANA TRONDRON'NY FIFIMPAVA

Henri RAKOTOSON
Filohan'ny kaoperativa FIFIMPAVA

Efa nitondra tamintsika mikasika ny tobim-pamarotana tantanin'ny FIFIMPAVA ny Filohany tamin'ny gazety teo aloha. Holazainy eto indray ny mikasika ny fampandehanan-draharaha eo amin'io tobim-pamarotana io.

Marihana eto am-boalohany fa ny fiaraha-miasa amin'ny SAHA Vakinankaratra no fototra nahitana ny fiorenan'ny tobim-pamarotana trondro ao Andranomadio Antsirabe ny volana novambra lasa teo.

Dingana iray hatrehin'ny mpikambana ny fanatsarana ny fotodrafitr'asa.

Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana vata fitaratra fanehoana ny vokatra amidy, ny fanamboarana ny latabatra ho « carreaux » ary ny fividianana vata fampangatsiahana roa madinika manana habe misanda 30 kilao. Ny anton'izao fanavaozana izao dia ny hanatsarana hatrany ny kalitao atolotra ny mpanjifa, indrindra ny fitahirizana amin'ny fomba raitra raha misy ambiny ny trondro mba hitazonana ny kalitao ara-pahasalamana ho an'ireo mpanjifa mpihinana mivantana sy ny hotely madinika eto Antsirabe no sady hampihenana ny sandan'ny herin'aratra.

Ankoatra ireo ezaka efa atao ireo dia mbola lesoka ny tsy fahalavorarian'ny trano famarotana izay eo andalampitadiavana vahaolana.

Etsy ankilany kosa anefa dia afa-po amin'ny vidy ividianana ny trondro ireo tantsaha mpanarato sy mpiompy mpampiasa ny tobim-pamarotana.

Afaka miaina tsara ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny kaoperativa satria ny 15 %n'ny tombony azo amin'ny famarotana ny trondro dia mirotsaka ao amin'ny kaoperativa. Ao koa ny hofan'ny trano tobim-pamarotana, ny karaman' ireo mpitati-bokatra, ny mpivarotra ary ny tompon'andraikitra.

Voafehy ny fitsipika anaty sy ny lamina amin'ny ankapobeny satria mahavita ny sara-pidirana sy ny latsak'emboka isan-taona ny mpikambana rehetra eny amin'ny vondron-'olona ifotony na ny VOI. Antitranterin'ny mpitarika mantsy fa tsy afaka miasa ny lakana ho an'ireo mpanarato raha tsy mahavita ny adidiny tamin'ny taona lasa izy ary tsy afaka mivarotra ny vokatra miakatra ao amin'ny toby.

Mpianatr'asa vaovao eto amin'ny APDRA

NDIMBISOA RABARIJAONA Solofondratovina

Mpianatra eny amin'ny anjery manontolo Athénée Saint Joseph Antsirabe aho ao amin'ny taona fahatelo amin'ny taranja mikasika ny haim-pambolena sy fiompiana na *agronomie* ao amin'ny sampana fiompiana sy fahasalaman'ny biby. Ny zavatra tanterahiko eo anivon'ny APDRA dia ny manao fanadihadiana eny anivon'ny mpanjono eny Andranobe Antsinanana mba ahalalana bebe kokoa ny fomba fanjonoana eny antoerana, ny hanome tarehimarika ankapobeny momba ny habetsaky ny karazana trondro azon'ny mpanjono tsirairay ary ny hanao andrana fampanatodizana ireo trondro ireo. Ao anatin'ny roa volana ny asa. Manolotra sahady ny fisaorana ho an'ny APDRA aho nanaiky hiara-miasa amiko, ireo mpanjono eny Andranobe, ny FIFIMPAVA , ny sampan-draharahan'ny jono eto Vankinankaratara ary ireo izay nanampy ahy sy mbola hanampy ahy amin'ireo asa tanterahako rehetra. Misaotra tompoko !

Coopérative de Pêcheurs: LE FONCTIONNEMENT DU POINT DE VENTE DE FIFIMPAVA

Henri RAKOTOSON
Président de la coopérative FIFIMPAVA

Dans le précédent numéro de « La voix des rizipisciculteurs » le président de FIFIMPAVA, nous présentait le point de vente de la coopérative. A présent, il nous détaille son fonctionnement.

En novembre dernier, avec l'appui de SAHA Vakinankaratra, FIFIMPAVA installait un point de vente de poissons de consommation à Andranomadio.

Pour assurer le fonctionnement de la structure, 15% des bénéfices issus des ventes sont reversés dans la caisse de la coopérative. Cet argent sert à assurer la location du bâtiment, les salaires des responsables du point de vente et des collecteurs de poisson. Par ailleurs, chacun des membres paie une cotisation annuelle ainsi que des frais d'adhésion. Selon le règlement de la coopérative, si ces cotisations ne sont pas versées, les pêcheurs ne peuvent sortir leurs pirogues, ni écouler leurs captures au niveau du point de vente.

Le fonctionnement du point de vente peut encore être amélioré. La coopérative souhaite remplacer ses grands congélateurs par deux petits afin de diminuer la consommation d'électricité.

Dans l'objectif d'offrir une qualité sanitaire supérieure à ses consommateurs, FIFIMPAVA souhaite réhabiliter certaines parties du point de vente, comme par exemple l'étal recouvert de carrelage.

Un nouveau stagiaire à l'APDRA

NDIMBISOA RABARIJAONA Solofondratovina

En tant que stagiaire à l'APDRA il est de mon devoir de me présenter dans ce journal. Mon nom est NDIMBISOA RABARIJAONA Solofondratovina. Je suis étudiant en 3éme année d'agronomie dans la spécialité Production et Santé Animale (PSA), à l'Athénée Saint Joseph Antsirabe (ASJA). L'objectif de mon stage est de réaliser une étude descriptive des activités de pêche au niveau du lac Andranobe Est. Pour cela, j'effectue des enquêtes auprès des pêcheurs du lac afin de décrire les différentes techniques de pêche, et de recueillir des données sur le part de chaque espèce dans les captures. D'autre part, dans la perspective de l'APDRA de travailler sur d'autres espèces, j'ai capturé différents poissons (Tilapia, Trondro Gasy) à l'aide des pêcheurs. A présent, j'étudie leur comportement dans les bassins de la station de l'APDRA\CEFFEL. Pour effectuer ce travail je dispose de 2 mois. Je remercie l'APDRA de m'avoir accepté au sein de son équipe, ainsi que les pêcheurs d'Andranobe, FIFIMPAVA, le Service des Pêches de la région Vakinankaratra et tout ceux qui ont contribué et contribueront de près ou de loin à la réalisation de ce stage. A tous MERCI !

Holy: Manintona ny fikarohana satria mila fivoarana ny zavatra rehetra atao. Raha hijanona amin'ny efa hay dia tavela eo.

Antoinette: Araka ny fivoriana teo dia misy ny fametrahana ny vondrona tia karokaroka ka ao anatin'izay no hahafahana mifampianatra sy mizara traik'efa, mifanoro hevitra sady (mihomehy kely) afaka mandeha mampianatra ny tantsaha hafa any ivelan'ny faritra koa.

APDRA: Inona no andrasanareo amin'ny asa ataon'ity tantsaha tia karokaroka ity?

Holy: …Hahazo valiny mahafa-po, mampitombo ny vokatra ny fikarohana atao. Tadiavina koa ny fikarohana azo ampiharina ety aminay tantsaha satria efa sarotra ny fiainana.

Antoinette: Ny hitaran'ny vokatra ho bebe hatrany. Ny vokatra amidy mantsy ny anay no loharanom-bola ka aleo himasoana.

APDRA: Ianareo roa vao tanora kely, manambady sady mbola kely anaka ka tsy manahirana ve izany?

APDRA: Vous êtes deux jeunes mariées et avez toutes les deux de jeunes enfants, cela ne va-t-il pas vous gêner d'avoir plusieurs activités ?

Holy: (Sourire)…Mais c'est lorsqu'on est jeune qu'il faut participer aux évolutions ! Dès maintenant il faut améliorer notre niveau de vie !

Antoinette: Il faut s'enrichir ! Moi, je travaille pour le bien de mes enfants.

APDRA: Et pourquoi vos maris ne participent pas à ce réseau ?

Holy: Ha! Ha !… Il a d'autres occupations, alors, c'est moi qui participe.

Antoinette: Mon mari était membre de l'association au début, mais souvent il s'absente ou bien il n'a pas le temps d'assister aux réunions. J'ai donc décidé de m'occuper de cette activité pour pouvoir développer notre exploitation.

APDRA: Comment gérez-vous votre temps entre vos enfants et les diverses activités agricoles ? Cette nouvelle activité ne va-t-elle pas bousculer votre organisation ?

Holy: Cela ne me pose pas de problèmes. Je cours à droite et à gauche et j'essaierais de m'appliquer pour toutes ces activités. Mais nous travaillons ensemble avec mon mari : il s'occupe du travail de la terre, et je suis sa conseillère. La production sera bénéfique pour la famille entière.

Antoinette: En général j'arrive à m'organiser. Officiellement, mon mari ne participe pas, mais en réalité nous travaillons tous les deux sur la pisciculture.

APDRA: Avez-vous participé aux recherches les années précédentes ? Quels résultats avez-vous obtenu ?

Antoinette: Moi, j'ai participé à quelques recherches. Lorsque mon mari était membre, j'ai constaté une augmentation de la production de riz, la parcelle est devenue plus fertile et nous avons récolté de gros poissons.

Holy: Oui les poissons grossissent bien, et grâce à l'étang refuge, nous n'avons pas perdu de poissons.

APDRA: Continuerez-vous à participer à ces expérimentations dans les prochaines années ?

Antoinette: Oui, je pense

NY TAMBAZOTRA TANTSAHA TIA KAROKAROKA

Ekipa APDRA sy ny tantsaha mpandray anjara

Efa taona maromaro izay no niasan'ny APDRA tao amin'ny Distrikan'i Betafo. Anisan'ny sampana iray iantsorohany ny « Fikarohana sy fampandrosoana ». Ho fanamafisana io sampana iray io dia natsangana ny tambazotran'ny tantsaha tia karokaroka.

Ny zoma 22 may 2009 no nanorenana ny tambazotran'ny tantsaha mpiompy trondro tia karokaroka tao amin'ny tranom-pokonolona Betafo. Tantsaha 27 isa no liana amin'ny fandraisana anjara. Tonga nanotrona sy nandray anjara tamin'izany moa ny sampandraharahan'ny fiompiana anaty rano ao amin'ny Faritra Vakinankaratra sy ny CIRDR Betafo ary ny tompon'andraikitra ao amin'ny Kaomina ambanivohira Betafo. Ny APDRA no nitantsoroka ny fivoriana.
Nivoaka nandritra izany fihaonana izany tamin'ny alalan'ny asam-bondrona narahina ady hevitra ny loha-hevitry ny fikarohana mandritra ny taom-pamokarana 2009-2010.
Mizara 3 mazava tsara ny vanim-potoanan'ny fikarohana dia ny fiompiana mandritran'ny ririnina handinihana sy hanatsarana ny sakafo ho an'ny trondro hatavizina; ny famokarana trondro lehibe mandritra ny roa taona ny volana jolay - Septambra ary ny fanatavizana anaty vary amin'ny fotoana mafana, ny fampitahana ny fitombon'ny trondro ao amin'ny toerana misy dobo fierena sy ny toerana tsy misy dobo fierena ny taona manaraka.
Ho an'ny fotoanan'ny fitaizana ny zana-trondro indray dia ny vokatra homen'ny sakafo samy hafa na eo amin'ny karazana na eo amin'ny fatra no hojerena akaiky. Efa mipetraka sahady koa ny loha-hevitra entina ny taona 2010 mitodika amin'ny vokatry ny sakafo homena ny reni-trondro sy ny lahiny mandritra ny taona izany hoe raha vao avy ampiterahana.

Farany, eo amin'ny fiompiana trondro miaraka amin'ny vary, nahaliana ny tantsaha ny hiditra amin'ny fampitahana ny fitombon'ny trondro ao amin'ny toerana nanaovana ketsa zaza sady misy dobo fierena sy ny toerana misy ketsa saritaka ary tsy misy dobo fierena.

Ankoatra ireo dia mbola misy koa ny tantsaha liana hanao fikarohana mikasika ny karazana trondro ohatra ny fampivadianana ny tilapia samy hafa karazana na ny fampivadiana trondro gasy sy karpa. Samy hirosoana avokoa ireo hetahetan'ny tantsaha ireo.

Taorian'ny fihaonana dia tafaresaka tamin'ny tantsaha roa mpikambana tia karokaroka ny APDRA.
Ramatoa Mamiarilala Holisoa 19 taona sy Ramatoa Ravololonirina 25 taona.

APDRA: *Inona moa no antony nahatonga anareo roa hiditra ao anatin'ny tambazotra tantsaha mpiompy trondro tia karokaroka?*

LE RESEAU DES PAYSANS EXPERIMENTATEURS

Equipe APDRA et les paysans participants

Depuis trois ans, l'APDRA appuie des pisciculteurs du district de Betafo. Dans le cadre de son volet Recherche et Développement, afin de rechercher des améliorations techniques, l'association réalise des expérimentations sur le terrain. Pour cela, l'APDRA souhaite s'appuyer sur des pisciculteurs dynamiques. Le 22 mai dernier, une réunion a été organisée dans le but de créer un réseau de pisciculteurs expérimentateurs.

La réunion avait été organisée à Betafo, dans la salle municipale. 27 pisciculteurs de la zone ont fait le déplacement. Les représentants du SRPRH, du CIRDR et de la commune de Betafo ont également participé à cette réunion.
Après un rappel des études menées depuis 2007 par l'APDRA, les pisciculteurs ont travaillé par groupe sur les thématiques de recherche à mener pour la campagne 2009-2010 :
L'élevage en contre saison : des recherches sur l'alimentation des poissons seront menées en 2010. La période d'élevage est maintenant dépassée et les parcelles seront bientôt préparées pour la culture du riz. Cette année, le cycle de production de poisson sur deux années sera étudié (une période de stockage de juillet à septembre, suivie d'une période de grossissement en saison chaude dans le riz). La production d'alevins : les pisciculteurs souhaitent travailler sur l'alimentation des larves. L'élevage lors de la saison chaude, dans le riz : le thème proposé est celui de l'évaluation de l'effet de l'étang refuge sur les rendements de carpe mais également sur le riz.
D'autre part, de nouvelles thématiques seront étudiées à partir de cette année, comme par exemple l'élevage du tilapia ou encore du carassin.

Après la réunion, deux piscicultrices nous ont livré leurs impressions : Madame Mamiarilala Holisoa, 19 ans et Madame Ravololonirina Antoinette, 25 ans.

APDRA: Pourquoi avez-vous décidé d'adhérer au réseau des pisciculteurs expérimentateurs ?
Holy: La recherche m'intéresse, je souhaite faire évoluer mes pratiques et participer aux innovations.
Antoinette: Ce réseau des pisciculteurs-expérimentateurs va nous permettre de partager nos expériences, de partager et de bénéficier de conseils, mais aussi de pouvoir transmettre nos connaissances en pisciculture dans d'autres zones.

APDRA: Qu'attendez-vous des activités de ce réseau?
Holy: Obtenir des résultats, plus précisément l'augmentation de la production. Rechercher de nouvelles pratiques qui seront adaptées à nos conditions de production, mais aussi aux moyens dont nous disposons.
Antoinette: C'est l'augmentation de la production! Ces produits sont une source de revenus pour nous.

ATSINANANA: NY F.M.T.A , fikambanana vaovaon'ireo mpiompy trondro

Nicolas Razafindranaivoarijaona
Filohan'ny Fikambanana FMTA

Niorina tamin'ny volana aprily lasa teo ny Fikambanan'ny mpiompy trondro Faritra Atsinanana na FMTA.
Io FMTA io dia hikambanan'ny olona efa manana ny traikefa momba ny fiompiana trondro an-dobo ary ao anaty fefy. Ao ny mpiompy zana-trondro sy fingerlings, ao koa ny mpiompy trondro lehibe azo amidy any an-tsena bazar kely sy bazar be ary any amin'ireo hotely eto Toamasina.

Ny tanjon'ny FMTA dia ny hamatsy an'I Toamasina I eo amin'ny 120kg isan'andro amin'ny tilapia ary ny karpa sy ny hamatsy zana-trondro ireo mpiompy trondro madinika tsy ao anaton'ny fikambanana ary ny hanangana toby famokarana zana-trondro sy tobim-pamokarana provandy salasalany eto amin'ny Faritra Atsinanana. Mbola misy tanjona hafa tian'ny FMTA ho atao fa ireo aloha no laharampahamehana.
Tsiahivina fa mbola misy filàna trondro 1000kg isan'andro ny an'ny tsenan'I Toamasina I ary 5000kg isan'andro ho an'Antananarivo araka ny tahirin-kisan'ny FAO sy ny ministeran'ny Jono tamin'ny taona 2007.

Ny foiben'ny FMTA dia ao amin'ny 40, lalampirenena, 501 Toamasina, ao amin'ny Madagreen.

ATSINANANA: La FTMA, une nouvelle association de pisciculteurs

Nicolas Razafindranaivoarijaona
Président de l'association FMTA

L'association des pisciculteurs de la Région Atsinanana, FMTA (Fikambanan'ny Mpiompy Trondro Faritra Atsinanana) a été créée au mois d'avril dernier.

La FMTA regroupe des pisciculteurs pratiquant aussi bien la production d'alevins que le grossissement de poissons en étang, mais aussi en cage.

La quantité de poisson d'eau douce commercialisée sur la ville de Toamasina n'atteint pas 120 kg par jour, et la FMTA compte bien améliorer la disponibilité en poisson en produisant différentes espèces : tilapia du Nil et les carpes communes. Ils espèrent ainsi prochainement fournir environ 120 kg de poisson frais aux différents marchés (Bazar Kely, Bazar Be) ainsi qu'aux restaurants de la ville. Leur production d'alevins leur permet également d'approvisionner des grossisseurs non membres de l'association.

La FMTA a de nombreux projets en tête, parmi lesquels la création d'un centre d'alevinage ou encore une provenderie, qui pourra permettre aux grossisseurs qui le désirent d'avoir accès à un aliment de qualité.

Adresse : MADAGREEN
40 rue nationale
501 Toamasina
Tél : 033 14 119 68 / 032 04 640 71 / 034 01 241 67

Élevage en cage de Madagreen- Tamatave, 2008

FAMATSIAN-DRANO: VITA NY FE- POTOANA ANDRANA, MANAO AHOANA NY TOMBANA?

Ireo mpampiasa ny rano

Tapitra sahady ny fe-potoana andrana nifanarahana tamin'ny APDRA amin'ny fampiasana ny fanajariana mamatsy rano ny varotra zana-trondro ao amin'ny kaomina ambanivohitra Betafo. Hamaliana ny fahasahiranan'ny mpivarotra zana-trondro amin'ny fahazoana rano no tanjon'ity fanajariana ity.

Ny volana janoary 2009 no nanomboka ny fifanarahana andrana. Mahomby ny paik'ady satria nihena ny fahasahiranana amin'ny fahazoana rano. Tena tanjaky ny fanajariana ny fametrahana ireo efitra kely fanangonandrano ambanin'ny paompy ; ireo no nampihena ary azo atao mihitsy aza hoe nanafoana ny isan'ny zana-trondro maty satria samy afaka namelona ny zana-trondrony tao ny mpivarotra raha vao tonga eo amin'ny toerampamarotana ny maraina. Reraky ny dia mantsy ny zana-trondro ka sempotra sady ankoatry ny rivotra dia tena ilainy koa ny rano madio.

"Sarotra ihany ny raharaha teny amboalohany. Nianarana ny nitantana fananana iombonana. Ny fitantanana ireo mpahazo tombotsoa niisa 85, ny fandrindrana ny asa eny an-tanàna. Tsy nikely soroka anefa ireo ankolafin-kery isan-karazany: ny kaomina ambanivohitra Betafo, ny CIRDR ao antoerana ahitana indrindra ny sampandraharahan'ny jono ary ny APDRA fa nampiana-namindra anay.

Na izany aza anefa dia tsy miala eny ny lesoka amin'ny maha-mpiana-draharaha ny komity mpampiasa ny fanajariana. Betsaka no mbola hilàna fanohanana amin'ireo fitantanana maro samihafa indrindra amin'izao fidirana ao anatin'ny fizakan-tena izao.

Tsy hoe omena tsy mahalala onona izahay, fa ny fahitana ny fahatsarany sy ny fahombiazany no hampitanay teny any amin'ireo izay tokony hiantefan'izany, fa tsara ny hanitarana bebe kokoa ny fanajariana amin'ny taom-pamarotana manaraka. Vonona ny hizaka ny anjara biriky izay zakanay izahay mpikambana."

Mivoha ho an'ny mpisehatra trondro rehetra ny fanajariana mba entina hanatsarana ny sehatra trondro. Manaporofo izany ny fiaraha-miasa sahady amin'ny fikambana FITAMI, izay vao nifampiraharaha taminay komitin'ny fampiasana ny fanajariana ny 14 may 2009 lasa teo. Ny hanatsarana ny kalitaon'ny trondro lehibe no anton'izany, entina hanomezana fahafaham-po ireo mpahazo tombotsoa dia ny mpihinana sy ny mpanatavy trondro.

Eto am-pamaranana aho dia ampitaiko sahady ny vinavinan'ny daty amin'ny taom-pamokarana miditra 2009 -2010 :

-Daty fifidianana ny birao mpitantana: 10 septambra 2009

-Daty fivohan'ny tsena: tapaky ny volana oktobra 2009

Koa samia ry namana mavitrika fa ny adidy tsy an'olondratsy.

AMENAGEMENT DU MARCHE DE BETAFO: LA PERIODE DE TEST FINIE, L'HEURE EST A L'EVALUATION

Les adhérents

Débutée en janvier 2009, la période d'essai de l'aménagement d'approvisionnement en eau du marché d'alevins de Betafo touche à sa fin. « Résoudre les difficultés rencontrées par les vendeurs d'alevins pour s'approvisionner en eau » était le but de l'aménagement. Le comité de gestion de l'aménagement dresse à présent un bilan de son utilisation.

L'objectif est atteint, il est aujourd'hui facile pour les vendeurs d'alevins de s'approvisionner en eau. L'atout de cet aménagement, ce sont les bassins qui permettent de maintenir les soubiques contenant les alevins dans l'eau. On peut dire que la mortalité des alevins a diminué voir même supprimé grâce à l'aménagement. Les vendeurs d'alevins viennent parfois de loin, lorsqu'ils arrivent au marché, les alevins commencent à manquer d'oxygène. Il était alors facile de changer l'eau directement sur le lieu de vente.

« Au début, nous avons rencontré quelques difficultés dans l'organisation. Nous avons appris à gérer un bien commun, ainsi que les 85 usagers. Il a également fallu nous organiser pour assurer nos tâches quotidiennes au village. Mais les différentes institutions (la Commune rurale de Betafo, le CIRDR, le Service des Pêches et l'APDRA) n'ont pas baissé les bras, ils nous ont aidé dans le fonctionnement de l'aménagement.

Étant débutants, nous admettons avoir besoin d'un appui, surtout en ce qui concerne la gestion, afin que nous soyons indépendants.

Nous constatons l'utilité de l'aménagement, et la réussite de son fonctionnement. A présent, nous pensons qu'il serait bien d'agrandir cette structure pour la prochaine campagne. Nous, les adhérents, sommes prêts à assumer les apports nécessaires à cette réalisation. »

L'aménagement est ouvert à tous les opérateurs pour améliorer les conditions de vente des poissons. La collaboration faite entre FITAMI (association de pêcheurs) et le Comité de Gestion de l'Aménagement le 14 mai dernier en est la preuve. L'utilisation de la structure permettra alors d'améliorer la qualité des poissons de consommation.

« Les vendeurs d'alevins sont invités à participer au fonctionnement et à l'entretien de l'aménagement. Ne soyons pas réticents et avares, nous devons nous approprier cet aménagement !

Pour conclure, retenez ces dates pour la campagne 2009-2010 :

- Élection du comité de gestion : 10 septembre 2009
- Ouverture du marché : mi-octobre 2009

Soyons dynamiques les amis, les devoirs ne sont pas faits pour les malfaiteurs ».

TOLO-DRAHARAHA: MAMETRAKA FANAMBY NY TANTSAHA MANOMBOKA ETO

Nifampitaona teny amin'ny Ceffel Andranobe ny mpamatsy vola, ny mpitao raharaha ary ireo tantsaha tao amin'ny Faritra maro ny 06 may 2009. Fanehoan'ireo tantsaha ny fivoarana misy eo amin'ny vondrom-pikambanana, narahina ady hevitra sy soson-kevitra maro no nifanaovana mba entina hanatsarana ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra.

Ny fiaraha-miasan'ny mpamatsy vola PSA Tafita avy ao Fianarantsoa sy ny vondrona tantsaha avy ao amin'ny MDP Toliara, AMI Miandrivazo, VFTV/ FIFATA, ny FKH, FITAME Morondava, TARATRA Fénérive Est, FANARENANA/fert, CRAM, CDAM, VFTM Fianarantsoa, FIFIMPAVA Vakinankaratra natrehin'ireo mpanohana nahitana ny solotenan'ny ministera avy ao amin'ny MAEP/DVAAOP (SA CSA), ny Fert, AFDI, SAHA, APDRA ary ny fikambanana Haona soa izay nanafana ny fihaonana.

Ny fanehoan'ny tantsaha ny tolo-draharaha atolony ho an'ny mpikambana eny ifotony sy ny fahafahany manao izany ary ny fomba entina hanatsarana no tanjon'ny fihaonana.

Ny tantsaha no manolotra tetik'asa izay mivadika ho tolo-draharaha ho an'ny mpikambana ao aminy. Telo taona no niainan'ny tantsaha io fomba fiasa io ka nahafahany nanao tolo-draharaha izay hangonina hipetraka ho tahiry any amin'ny fiafaran'ny tetikasa.

Voamarika koa fa tsara tohizana ny fiaraha-miasan'ny tantsaha sy ny mpitan-tsoroka ara-teknika ary ny Fanjakana amin'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra.

Mijoro ho vavolombelona ireo tantsaha

RANDRIANJANAHARY Hajaniaina
Filoha lefitra CDAM Manjakandriana

"Manana traik'efa ny CDAM raha eo amin'ny tolotr'asa fiofanana no asian-teny. Ankehitriny izy ireo dia te- hanamafy ny fahaiza-manao eo amin'ny fiompiana trondro".

ANDRIATSOALAZA Jean Louis
Filohan'ny Federasiona Kolo Harena na FKH
Fiavotana- Ambatovaky CR Alakamisy
Ambohimaha Matsiatra Ambony.

"Ho an'ny FKH Fiavotana, manana mpikambana 871 na koloharena fototra 70 dia efa mipetraka tsara ny rafitra eo amin'ny fikambanana vovonana. Afaka mitantana tolo-draharaha ara-piofanana eo amin'ny fiompiana madinika izy (fiompiana trondro, tantely, bitro, akoho manatody lava) ary ny fambolena."

Tél: 032 42 058 32 na 033 13 718 47

OFFRE DE SERVICE: DESORMAIS, LES PAYSANS LANCENT UN DEFI

Divers prestataires de services et ONG se sont donnés rendez vous au CEFFEL à Andranobe le 6 mai dernier. L'objectif de cet atelier, organisé par le projet PSA Tafita, était de présenter les modes de gestion des services offerts par les Organisations Paysannes à leurs membres. L'atelier était suivi d'un débat, permettant à chacun des organismes présents d'apporter des suggestions d'amélioration.

Différents organismes partenaires du projet PSA Tafita Fianarantsoa étaient présents à cet atelier: MDP Toliara, AMI Miandrivazo, VFTV/ FIFATA, les fédération KoloHarena FKH, FITAME Morondava, TARATRA Fénérive Est, FANARENANA/FERT, CRAM, CDAM, VFTM Fianarantsoa, FIFIMPAVA Vakinankaratra assisté par le représentant du MAEP/ DVAAOP (SA CSA), FERT, AFDI, SAHA, APDRA. L'animation de la rencontre était assurée par Haona Soa.

Certaines Organisations Paysannes s'organisent afin d'offrir des services à leurs membres. L'enjeu de la rencontre était de trouver de moyens d'améliorer cette offre de service. Ainsi pour certains services, les OP bénéficiaires du projet ont déjà trois années d'expérience. Différents types de services sont proposés : formations, visites-échanges, compte d'exploitation familial, gestion de financements, transmission des informations ou encore structuration des divers niveaux de groupement.

La complémentarité entre les différentes entités, les paysans, les organismes d'appui et les services de l'Etat, est essentielle au développement rural.

Les paysans partagent leurs expériences

RANDRIANJANAHARY Hajaniaina
Vice président du CDAM Manjakandriana

« Le CDAM est maintenant capable d'offrir différentes formations à ses membres. Actuellement ils travaillent dans le domaine de la pisciculture. »

ANDRIATSOALAZA Jean Louis Président
Federation Koloharena (FKH) Fiavotana
Ambatovaky- CR Alakamisy Ambohimaha
Région Haute Matsiatra.

« FKH Fiavotana est structure bien organisée, elle compte 871 membres regroupés dans 70 Koloharena. Elle offre des formations techniques dans le domaine des petits élevages (pisciculture, apiculture, élevage de volailles et lapins) et différents types de cultures.»

Jean Louis, Président de FKH Fiavotana
Tél: 032 42 058 32 / 033 13 718 47